# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Desambra 2018

**14** **Zoma**
desambra

**Fa isika koa dia adala fahiny, tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon'ny filana sy ny fahafinaretana maro, ary velona teo amin'ny lolompo sy ny fialonana, sady hala no nifankahala.** Titosy 3. 3

**Tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota.** 1 Timoty 1. 15

### Banga tsy hita fetra tao anaty foko

„Nobeazina tao amina ankohonana sambatra saingy tsy mino an'Andriamanitra aho, zazalahy nahery setra hatrany, mpihantsy, mpikomy. Mbola kely aho no maty ny raibeko ; tsapako tampoka teo fa hay misy farany ny fiainana, ka nampatahotra ahy mafy izany. Nony 11 taona aho dia nalefa nanao vakansy iraisana niaraka tamina andian'ankizy kristiana. Tany no nahitako voalohany olona hafa noho ny sasany, izay tia ahy na dia teo aza ireo toetrako ratsy. Niaraka tamin'izy ireo koa no nandrenesako voalohany ny momba an'i Jesosy Kristy, Izay tia ahy, ary indrindra manana fahefana hanafaka ahy amin'ilay fahafatesana natahorako fatratra. Niverina imbetsaka tamin'ireny lasy kristiana ireny aho. Fa teo amin'ny faha-17 taonako kosa dia nanapa-kevitra aho ny tsy hifandray amin'ireny intsony. Taona maro no nandalo, tao anaty herisetra aho, nivari-lavo, ary nigadra mihitsy aza.

Dia tsapako tamin'izany fa ny fandavako an'Andriamanitra no nibaiko tanteraka ny fiainako, ary nandratra mafy ny ray aman-dreniko sy ny anabaviko ny fitondrantenako. Nefa tsapako koa fa ho ahy no nanoloran'i Jesosy ny ainy sy niaretany fijaliana faran'izay mafy. Tatỳ aoriana aho dia nafahan' Andriamanitra tamin'ny zava-mahadomelina sy ny sigara. Nanomboka asa fanovana tao anatiko Izy, ary mbola mitohy izany mandraka ankehitriny. Nanjary nahatery ahy mafy ny hangataka famelan-keloka tamin'ny ray aman-dreniko sy ny anabaviko ; ka namela ny heloko be izy ireo ! Dia afaka nahita asa aho, nahazo namana tena izy, ary nanambady... Lehibe tokoa ny fahamoram-panahin'Andriamanitra !

Ny vavaka ataoko ho anao izay mamaky izao soratra izao, dia ny mba hahafahanao koa mifanena amin'i Jesosy, Izay nanolotra ny ainy ho ahy sy ho anao."

*Guillaume B.*